



Foi et Lumière

Finoana sy Fahazavana

BELGIQUE-BELGIE
P.P
5060 SAMBREVILLE
6/69330

40, Boulevard Bischoffsheim, 1000 Bruxelles.
Taona faha 11, Laharana 03 – Novambra 2007

Destinataire

Mensuel – Editeur Responsable: Hery Rasoamanana.
Rue A.Chif 31 – 6 200 CHATELINEAU.

Matoandahatsoratra
Ny Komity MKMB

ROSO HATRANY ISIKA.

Niavaka ny fotoana niarahan'ny mpianakavin'ny finoana tamin'ny volana lasa teo. Taratra teny amin'ny endriky ny ankamaroan'ny mpivory ny fahavononana amin'ny asa fijoroana iarahana amin'ity taom-pianarana vaovao ity ka nankatoavin'ny mpikambana mahefa nanatrika ny fotoana. Hifantoka tanteraka amin'ny fanampiana ny fiangonana any an-tanindrazana ny asa fijoroana . Ary haharitra fa tsy ho fanampiana miserana .

Asa raha tsaroantsika ny tatitra nentin'ny solontena nanatrika ny fihaonan'ny zanaky ny FJKM tany Parisy tamin'ny 2 sy 3 Jiona lasa . Nisy hafatra sy antso nataon'ny filohan'ny FJKM tamin'izany manainga ny mpianakavin'ny finoana aty ampitan'ny ranomasina mba hanao izay azony atao amin'ny fanampiana maharitra amin'ny asa iombonan'ny FJKM any an-tanindrazana . Nanome laharam-pahamehana izy tamin'izany . Nihaino izany ny MKMB, zanaky ny FJKM ka manomboka amin'ny taona 2008 dia hanampy araka izay azony atao ny mpianatra teolojia ao amin'ny fakolite amin'ny alalan'ny vatsimpianarana raisiny. Handray anjara isan-taona ihany koa isika amin'ny adidy enti-mamatsy ny iraka any amin'ny saha vaovaon'ny FJKM (poste d'évangélisation) . Isan-taona , araka izany , dia hisy tetibola mivantana atokana ho amin'ireo asa ireo. Mazava ho azy fa ny asa maharitra teo aloha, fanampiana ny TOPAZA, dia mitohy isan-taona. Ireo telo ireo no asa maharitra mivantana anampiansika ny Fiangonana any an-tanindrazana. Ankoatr'izany dia tanterahintsika amin'ity taona 2007/2008 ity ny fanampiana ny fiangonana FJKM ao Marovovonana, fitandremana Andrafainkona-Vohémar (209),amin'ny fividianana baiboly sy fihirana , ary fanaka (dabilio, latabatra, seza).

Tsy andrarakana ilo mby an-doha isika amin'ny adidy masina noraisina ary hanambatra ny herintsika isika amin'ny fanitarana ny ambaindain'ny asa fitoriana. Koa samia ry havana mitondra am-bavaka izany kinasantsika izany . Mba ho ao an-tsaina mandrakariva fa "velona ho an'ny hafa "ny kristiana tsy mihemotra amin'ny finoany. Ary samy hanatanteraka izay tandrify azy avy, araka ny hery sy ny talenta ananana ; amim-pitiavana ary amim-panatre-tena. Tsy an'olon-dratsy ny adidy. Hanao tongotra miara-mamindra isika . Tsy hamaky tratra fa hiray hina hanatanteraka ny teny nomena. Dia ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra .

DIMANCHE 25 NOVEMBRE 2007 : Rencontre mensuelle de la MKMB

EN L'ÉGLISE DE BRUXELLES-BOTANIQUE (métro botanique) 40 Bd Bisschoffsheim 1000 Bruxelles

A 15 HEURES : CULTE AVEC SAINTE CENE,

Pasteur : O. Utumba. Prédication : Rakotomalala Jeannot

COLLECTE SPECIALE : au profit de Nirina, jeune adolescente de 15 ans, actuellement en Belgique pour y subir une intervention chirurgicale délicate, au visage, à la Clinique St-Pierre à Ottignies. Projet initié par le SEL-Belgique.

Si vous ne pouvez participer au culte, mais que vous souhaitez aider Nirina, merci de verser votre participation au n° 001-2133930-06 (SEL Belgique), avec la mention : « PourNirina ».

A 16 H 30 : CONFERENCE : "MADAGASCAR, MES IMPRESSIONS, MES ESPOIRS APRES PLUSIEURS VOYAGES DANS MON PAYS D'ORIGINE" par Marie-Noëlle HERVOUET- Animatrice : Bettina Ravelomanantsoa.

A 18 HEURES : CAFE-THE.

**INVITEZ VOS AMIS ET CONNAISSANCES.
VENEZ EN FAMILLE !**

“Te ho sitrana va hianao ?” (Jao. 5: 6)

*RAMINO Paul, Mpitandrina .
(FJKM Amparibe –Famonjena)*

Ry Kristiana havako, ry Fiangonana malala, ho aminareo mandrakariva, eny ho aminareo isambatan'olona ny herin'ny Fanahy Masina hitarafan'ny Tenin'Andria-manitra aminareo ka hahazoanareo ny hery rehetra hanaovana ny sitrapony. Amena.

Teny anankiray nataon'i Jesoa Kristy tamin'ilay narary nandritra ny 38 taona. Hitany nandry teo amoron'ny farihy mba te-hiroboka ao anaty farihy ka handray ny fanasitranana no vatsy ho antsika anio.

Io teny io dia hitanareo eo amin'ny Filazantsara araka ny Jaona 5 ka ny tapany farany eo amin'ny and. 6. Izao no tenin'i Jesoa Kristy, ary raiso koa ry Kristiana amin'izao fotoana izao, amin'ity minitra ity, hoy ny Tompo tamin'io marary io : “Te-ho sitrana va hianao ?”

Ry Kristiana havako, ny tenin'Andriamanitra dia teny misy hafatra. Ny tenin'Andriamanitra dia tsy teny ho an'ny tantara efa lasa fa ho an'ny ankehitriny koa. Angamba ato anatin'ity Fiangonana ity misy olona marary ankehitriny. Narary nefa mbola afaka mandeha ihany, taizan'aretina. “Te-ho sitrana va hianao ?” Mafy ny marary ry havana, efa nandia an'izany aretina izany isika, ary izaho ao anatin'izany ihany koa. Mafy ny marary satria ny sainao te-hanao zavatra maro tokoa fa noho ny aretinao, voageja ianao, voatana ianao, tsy afa-mande-ha ianao. Ary vao tamin'iny herinandro iny aho no namangy Kristiana eto amin'ny Fiangonana marary eny amin'ny hopitaly, mafy ny marary. Mamesatra ny fiaraha-monina koa ny marary. Vesatra ho an'ny fianakaviana, manimba ny fifaliana ny areti-nao ary mandrava ny fifandraisana.

1-TE HO SITRANA VE IANAO ?

Ary ndeha isika hitodika amin'ity marary ity ary sokafy ny Baibolinao fa misy zavatra tsy ho takatra mihitsy ao raha tsy hazavaina. Jaona 5 ary handeha haverina hovakiana ny and. 3. Ho gaga ianareo satria rehefa vakiana ny andininy 3 dia io hitanareo io ary raha mamaky ny manaraka ianareo dia avy hatrany dia ny andininy 5, tsy ao ny andininy 4. Tsy fantatro aloha raha nahama-rika izany izay namaky ny Baiboly. Ka hovakiako ny andininy 3 ary hovakiako koa ny andininy 4 izay ery amin'ny vodiny pejy ery satria tsy hitanareo eo amin'ny texte ilay izy raha tsy izany tsy mazava io tenin'ny Soratra Masina io: “Tao no nandrian'ny marary maro, ny jamba, ny mandringa, ny mati-ila miandry ny fihetsehan'ny rano. Fa nisy anjely nidina tany amin'ny farihy indraindray ka nampihetsika ny rano; koa izay iray niroboka aloha, rehefa nihetsika ny rano dia sitrana na inona na inona no aretina nanjo azy.” Ka mafy ny nanjo ity lehilahy ity satria noho izy malemy rehefa mihetsika ny rano dia voalazany ao tsara fa tsy afa-mihetsika izy, ary raha mba te-handeha izy dia misy olona misosoka eo anoloany. Mafy ny manjo ny olona marary satria tsy misy mpijery, songonan'ny olona, tsy raharahahin'ny

olona. Eo no mipetraka ny fanontanian'i Kristy : “te-ho sitrana va hia-nao ?” Mety misy amintsika hieritritra hoe Jesoa Kristy koa dia mbola manatsafa ihany, hita izao fa efa marary ka mbola anontaniana ihany hoe : “te-ho sitrana va hianao ?”Azafady ry havana, fa misy anie marary tsy ho sitrana e ! Ny aretina rehetra izay manjo antsika, manjo ahy sy ianao, tsy ny aretin'ny nofo ihany fa ny aretina rehetra na ny aretim-panahy, na ny aretin'ny saina, moa “te-ho sitrana va hianao ?” Vao teo amin'ny raki-boady nataon'ny havantsika no nisy ray aman-dreny nanao hoe ny zanany lahy voagejan'ny satana, aretina izany. Be ny are-tintsika : fitiavan-tena, fialonana, fahazaran-dratsy, alahelo mikiky ao anatin'ao, hakamoana “te-ho sitrana amin'izany va hianao ?”

Ity farihy ity dia mitondra ny anarana hoe Betesda. Raha adika amin'ny teny Malagasy izany hoe Betesda izany dia “tranon'ny famindram-po”. Io farihy io no amindran'Andriamanitra fo ny olona ka sitraniny ao ny aretina. Ahatsiarovako Kris-tiana mpitsabo iray nametraka soratra teo amin'ny varavaran'ny trano fitsaboany manao hoe : “Izaho mitsabo, Andriamanitra no manasitrana anao” “Te-ho sitrana va hianao ?”

2-NY HAFATR'I JESOA KRISTY

Ry Kristiana havako, amin'ity tenin'ny Tompo ity, dia misy zavatra azontsika takarina. Ny dikany voalohany dia izao : fantany fa marary ianao, manana aretina ianao. Hoy Jesoa : Izaho afaka manasitrana anao, fa manaiky ho sitraniko ve ianao ? Tianao mihitsy ve ny ho afaka amin'io ratram-ponao io ? Amin'io alahelonao io ? Amin'io fahazaran-dratsinao io ? Amin'io aretinao io ? Tsaroako nisy Diakona iray izay niteny tamiko hoe : “Pasitera ô! ny zavatra rehetra dia resiko avokoa fa misy zavatra iray izay tsy mety resiko mihitsy.” “Inona no tsy resinao hoy aho”. “Ity sigara ity no tsy mety resiko mihitsy”. Dia hoy aho taminy: “Ianao ve anefa te-hiala tokoa ?” Hoy izy tamiko : “Izany hoe raha mety aloha dia aleo amin'ny herintaona e !”. Efa hitanao izao ve fa manimba dia mbola hiandry amin'ny herintaona indray ! Izay ilay tsy te-ho sitrana . Milaza ianao fa tsy mety afakao io nefa ianao mihitsy no tsy te-hiala. Ry Kristiana havako, mazava tsara ny tenin'i Jesoa Kristy, teo isika nandray Azy hoe izao dia izao raha tiana. Misy dikany koa izany hoe teo isika nandray Anao. Ny dikan'izany dia izao Kristy eo manasitrana anao, fa ny fanasi-tranana anao tena miankina aminao. Tsy dokotera aho fa misy dokotera maro ato amin'ity Fiangonana ity. Tokony hanaraka ny toro-hevitry ny Dokotera ianao rehefa mankany aminy : “ianaos a ! aza dia mihina-menaka loatra”. Ianao anefa manao hoe asio kely aloha anio fa rahampitso mifady e ! Tsy te-ho sitrana anie izany olona izany e! mankany amin'ny dokotera izy nefa tsy te-ho sitrana. Ry Fiangonana malala, “te-ho sitrana va hianao ?” Averin'ny Tompo io, tsy manatsafa lzy fa eo am-pelatànanao ny fanasitranana anao ry Kristiana havana raha tiana. Sahy milaza aminao aho fa ny ankamaroan'ny marary dia marary noho ny ataony ihany, noho ny hadalany ihany noho izy tsy te-ho sitrana.

3-MITSANGANA

Eo vao mazava amintsika ny tenin'ny Tompo amintsika, vonona Jesoa Kristy hanasitrana anao fa ianao vonona ve ?

Ry Kristiana havako, raha jerentsika ny tantara amin'ity andininy ity dia niteny Jesoa Kristy tamin'ilay marary hoe n : "mitsangana, ento ny fandrianao ka mande-hana"

Zavatra telo no hamaranako ny toriteny:

-Mitsangana: izany hoe raha te-ho sitrana ianao dia araho ny baikon'ny Tompo, tanteraho ny didiny dia ho sitrana ianao. Aza ny herinao no ianteherana hoe izaho ve dia afaka hitsangana ? fa mitsangana, bedao ny fandrianao

-Ento ny fandrianao : asa raha azonareo ry havana izany sary izany. Raha ny tena marina mantsy dia ny fandriana no mibata ny marary, izany no sary amin'ny andava-nandro. 38 taona dia ny fandriana no nibata azy fa eto dia batao ny fandrianao.

Ry Kristiana havako, ny dikan'izany dia izao, isika no tian'ny Tompo hibata ny aretintsika fa tsy ny aretintsika no hibata antsika. Aza manaiiky ho resin'ny ratsy, aza manaiiky ho resin'ny gejageja rehetra fa io mangejageja anao io batao io ka esory amin'ny anaran'ny Tompo. Ary izany no ataon'ny mpiandry e ! "mialà ny devoly, mialà ny aretina, mialà ny fakampanahy, mitsangana ka tohero io, batao io fa resin'ny. "Te-ho sitrana va ianao ?"

Mandehana: izany hoe : mandehana lazao amin'ny manodidina anao, lazao amin'ny rehetra izay manodidina anao fa misy olona nanasitrana anao dia Jesoa Kristy. Amena.

AIDEZ-NOUS POUR AIDER LES AUTRES

Notre Bulletin « Foi et Lumière » paraît 10 fois par an . Sans compter ceux qui reçoivent par e-mail (près de 350 adresses), on envoie à 200 adresses par voie postale (Madagascar, Benelux) .

L'équipe du journal est bénévole, mais il y a d'autres frais à payer mensuellement (papier, photocopie, timbres..).

Si vous pouvez aider ce petit journal, voici le n° Compte n° 068-2265039-19 , avec mention

« pour le journal Foi et lumière » .

Merci de votre collaboration .

VAOVAON'NY MKMB

*VAOMIERAN'NY FITORIENTENY.

Tafatsangana soamatsara ny fimboman'ireo mpitoriteny ato amin'ny MKMB. Iaraha mahala moa fa manana Mpitandrina mpiahy isika , dia ny mpitandrina ato amin'ny Fianganana Botanique izany (Rtoa Heike Sonnen sy Patrick Evrard) . Etsy andaniny dia misy ireo mpiaramivavaka amintsika nanao fandalinana momba ny fitoriana ny tenin'Andriamanitra ary tsapan'ny komity fa manana ny toerany tokoa izy ireo ato amin'ny MKMB ary mandray anjara amin'ny fitorianteny , arakaraka ny fandaminana atao sy ny fandaharampotonanany avy.

Ireto avy izy ireo :

Rtoa isany : Ravaoarisoa Caroline , Zanamaitso Elisabeth ; Atoa isany : Hanitra Lin, Rakotomalala Jeannot , Ramiandrisoa Erick ary Ravelomanantsoa Lalaina.

Dia mirary soa ho azy enina mianadahy iisika amin'ny adidy mavesatra napetraky ny Tompo aminy : mamahana ny ondriny!.

*AKON'NY FIVORIAMBE ALAHADY 28 OKTOBRA 2007.

Tontosa soamatsara , araka ny niheverana azy ny fotoana rehetra tamin'ny Alahady 28 oktobra lasa teo. 65 no tonga tamin'ny fiarahamisakafo ary nandraisana ireo vaovao . lafatra ny fandaminana ary afa-po ny nanatrika .

Taorian'ny fanompoampivavahana dia nisy ny fiarahana maka sary niarahan'ny rehetra , toy ny fanao isan-taona , hatao amin'ny fanisanandro taona 2008.

Nanao ny tatitra samihafa ireo tompon'andraikitra ny vaomiera tsirairay : Aim-panahy, gazety, Atsonjay, Tanora, Biblioteka , ny filohan'ny komitin'ny faha-20 taona ary ny mpandrindra.

Nisongadina ny fahatsapana fa tena nanao tongotra niaranamindra ny mpiaramivavaka tamin'ny taona 2007 iny teo amin'ny fankalazana ny faha-20 taona satria tanteraka araka ny niheverana azy ny hetsika rehetra . nahatratra 2078 Euros ny Ezaka ary nozaraina telo izany : ho an'ny TOPAZA (Madagasikara) , Fianganana Botanique (fanampiana tamin'ny fanavaozana ny trano Fivavahana sy fividianana Polipitra) , ary hoan'ny Bibliotekantsika (fanatevenana ny boky).

Voamariky ny fivoriambe ny finavian'ireo tompon'andraikitra vaovao mikarakara (mitana) ny bibliotekan'ny MKMB ao Botanique , izay tsy iza izany fa Rtoa Edith Barijaona, Sylvia Rakotondramarina ary Atoa Ronald Theunen. Izy telo mianadahy no misahana ny fitantanana ny bibliotekantsika manomboka izao koa mirary soa ho azy isika.

Voafidy ny mpandinibola roa : Rtoa isany Hortense Razoeliarivelo sy larivola Raherimandimby.

Ny fandaniana ny tetibola taona 2007/2008 dia hatao amin'ny Alahady 25 Novambra hoavy izao .

Azontsika antsoina na antonina ny mpitantsoatra raha mila fanazavana misimisy kokoa isika mianakavy.

Hoan'Andriamanitra irery ihany ny voninahitra.

CULTE, ASSEMBLEE, OU MESSE ?

Par Marc Pernot (ERF Nancy).

Comment s'appelle ce que les chrétiens de multiples confessions font le dimanche matin ?

Un culte à Dieu ? Une assemblée ? Une messe ? D'où cela vient-il, pourquoi et pour quoi fait-on cela ?

Le culte à Dieu

Ce qui est traduit par "culte" dans nos Bibles sont un mot hébreu (pour le Premier Testament) ou grec (pour le Nouveau Testament) tout simples : le service de Dieu, de l'Éternel. Rendre un culte à Dieu, c'est donc lui rendre service. Cette idée que Dieu aurait besoin de ce service qu'est notre culte a pu choquer certaines personnes qui se font une drôle d'idée de Dieu, comme si Dieu était indifférent à ce que nous faisons. Mais pourtant, pourquoi Dieu n'aurait-il pas besoin de ce service que nous pouvons lui rendre ? Dans un texte essentiel, Jésus nous le dit bien. En conclusion de la parabole de la brebis perdue, Jésus dit qu'il y a " de la joie dans le ciel " pour un seul pécheur qui se convertit, c'est-à-dire qui change d'orientation, qui se tourne vers Dieu (Luc 15).

Le culte c'est ainsi la conversion. C'est cela qui rend service à Dieu. Car cette démarche nous fait du bien, et Dieu se réjouit de nous voir recevoir la vie. C'est pourquoi le culte est d'abord et avant tout quelque chose d'intime qui se passe dans le secret de l'existence d'une personne. C'est ce que Jésus précise à la Samaritaine, il lui dit qu'à partir de maintenant ce n'est plus sur telle montagne ou ailleurs que nous adorons le Père, mais " en Esprit et en vérité " (Jean 4:21-24).

L'assemblée

C'est le deuxième terme que l'on retrouve fréquemment dans la Bible pour parler de l'origine de notre culte. Ce mot est la traduction de deux mots hébreux différents, un qui évoque l'idée de témoignage et l'autre l'idée d'appel. L'idée n'est donc pas d'abord celle de se rassembler pour se rassembler, mais que chacun réponde à un appel, celui de Dieu, pour entendre ce qu'il a à nous dire, selon le témoignage de l'Écriture, ou selon ce qu'a à dire un témoin. De fait, si plusieurs personnes répondent à un appel qui leur est adressé, elles se rassemblent.

Le premier acteur de notre assemblée, c'est donc Dieu qui appelle chaque personne sans condition, et la diversité des personnes présentes le dimanche au culte est bien le reflet de l'appel universel de la grâce. Cet appel nous invite à entendre les paroles de l'alliance proposée par Dieu, selon le témoignage de ses serviteurs.

La lecture de la Bible est ainsi pour nous le point central du culte.

La messe

Ce mot désigne aujourd'hui pour les catholiques romains une célébration où un prêtre transforme "substantiellement" du pain et du vin en vrai corps et vrai sang de Jésus-Christ. Mais des églises protestantes, qui ne partagent pas cette conception, utilisent le mot de messe pour désigner leur culte, par exemple les anglicans et certains luthériens (Bach a écrit une magnifique messe en si).

À l'origine, le mot de messe vient de *missio* qui désigne l'envoi en mission à la fin du culte, accompagné par la bénédiction de Dieu. Ce terme de messe insiste donc sur l'idée que le culte nous invite à nous engager dans le monde pour le service des autres, qui est aussi un service de Dieu.

Pour quoi ?

Notre rassemblement du dimanche est ainsi une occasion privilégiée de faire un pas de plus dans la conversion, c'est un véritable service rendu à l'Éternel qui se réjouit de nous voir dans ces dispositions favorables à notre évolution, le culte est un appel de Dieu à écouter un témoignage. Le culte vise enfin à nous sentir envoyé en mission au service de nos frères et sœurs. En résumé, Le culte est un exercice sain (et saint) qui consiste à essayer d'aimer Dieu, d'aimer notre prochain et de s'aimer soi-même, dans le bon sens du terme, et comme Jésus nous y invite (Marc 12:30-31).

Antoko Mpihira MKMB

Manao antso hatrany ny tompon'andraikitra ny Antokompihira, manainga anao tia midera ny Tompo amin'ny alalan'ny hira , tongava , avia . Antsoy ny tompon'andraikitra : 0484 79 62 37 na 0478 97 50 85 .

Fotoana fianarana : Asabotsy voalohany amin'ny volana (15h-17h) sy Alahady farany amin'ny volana (13h – 14), mialoha ny fanompoampivavahana.

NY FANAO TSY ARA-PANAHY TAFIDITRA AO AMIN'NY FIANGONANA: NY ADI-LAHY MAHATONGA FITOKOANA (TOHINY)

*Lahateny nataon-dRambelo, mpitandrina tao Anosiptarana, Alahady 18 oktobra 1917.
(Nalaina tao amin'ny gazety «Akon'Ambavahadimitafo»)*

Fa any anatin'Imerina, dia an-Tananarive sy ny commune ary ny provinces sy ny districts samy hafa, izay miray Isan-Enim-Bolana, no andefaso izay devoly mahay indrindra. Fa fahavaloko ny Misionera any sady betsaka izy, fa Misiona 5 toko ary 6 mbamin'ny Katolika ; ary rafilahiko ny Mpitandrina any, fa mazoto mitory an'i Kristy ; ary halako ny mpitoriteny sy ny diakona, fa loza loatra raha hitaona olona ho zoto Fiangonana ; ary mahadikidiky ahy ireo mpandray Fanasan'ny Tompo, fa mazoto miangona loatra ; ary ny ankizy madinika ao aminy avy no tsy mety varian-daolao, fa manao Kristiana Tanora, Sekoly Alahady. Koa any no andefaso izay devoly mahay indrindra." Koa dia aty amintsika aty Imerina izao, tompokolahy, no tetehin'ny devoly hasiana fatratra. Ary dia noheveriny indray, hono, izay fiadiana ho entiny. Dia nitsangana, hono, ny demonia anankiray, nanao hoe : "fisotroan-toaka, fijejojejoana, fitondrantena maloto, fanaovana an'Andriamanitra tsy hisy ; no fiadiana tsara halefa any ; fa raha voan'ireo izy, dia tafasaraka amin'i Kristy Tompony ka lasa ho babontsika."Dia novalian'i Belzaboba kosa, hono, hoe : "Tsy mba mahavao ny jeneraliny izany, fa ny vatamiaramila no azony, izany hoe, tsy mahazo ny mpitarika azy (loha-fiangonana) ; fa ny zatovo lahy barabara saina no lavon'izany. Fa ny "adi-lahy," ny "fifandirana," ny "fialonana" no fiadiana mahavao azy. Tsy mba mahazo ny sarambaben'ny kintana ireo, fa ny telonohorefy ao aminy no ho voany." Izany hoe : Tsy mba mahazo ny ankabeazambem-piangonana ireo, fa ny mpitondra ihany no asiany, fa ao no be ny "miady ho lohany hoatra ny totovary lena," ary ny manao toy ny "tsinombina anaty katsaka, ka izay mitranga iray ; babany avokoa." Koa aoka ny mpitarika azy no hasiana mafy : fa ny miaramila 80 lahy maty kapiteny dia tsy mahaleo ny 50 lahy tsara mpifehy. Koa izany no mahatonga ny adi-lahy sy ny fialonana, izay zavatra tsy ara-panahy tafiditra ao amin'ny Fiangonana.

Nisy fanjakana roa lehibe niady, hono, fahiny. Samy voalamina tsara amin'ny fiadiana, hono, izy, ary voakendry tsara ny tobiny. Fa amin'ny sehatra voalohany, dia voalahatra ny tafondro vaventy, ary amin'ny laharana manarakaraka, dia indreo indray ny tafondro marovavâ ; ary ny basy karabina dia samy voafahana eny an-tanan'ny miaramila ; ny katirijy ampy hiadiany hefarana dia efa voafehy any amin'ny valahany ; ny rano hosotroina hatramin'ny indroa andro sy ny biscuits

de guerre dia efa samy voasampy amin'ny barda sy tonga ao amin'ny bidon. Ary eo ivelan'ny toby indray ny

mandry tsy aman'afao, dia mandehandeha tsy mijanona ; ary ny sentinelles mpitily dia lasa lavitra any akaikikaikin'ny fahavalo ; ary eo anelanelan'ireo sy ny toby lehibe indray dia misy postes sy antily miady. Ka raha vao mipoa-basy tokana ny mandry tsy aman'afao, dia mioman-kiady ireo, ary taitra ny ary amin'ny toby lehibe, ka dia tsy azon'ny fahavalo tampohina velively. Nanaovan'ny ankilany hevitra kosa, hono, ka nandefasany zazakely roa lahy nitondra mofo sy sosisy iray sobiky avy hamidy. Kanjo ao ambanin'ny mofo misy langoraony iray avy. Dia nandeha teny amin'ny arabe ireo zazalahy ireo niantso hoe : "Mofo, kafe, sosisy." Dia nividy ny olona fa tsy nisy nanana eritretritra. Dia namitsaka tany ho any ireo zazalahy ireo ; ka nony alina ny andro, dia nankeo ampovoan'ny toby izy roa lahy ka noveleziny ny langoraony, sady niantso hoe izy : Asia ! Asia ! Taitra ny miaramila lafiny efitra, fa nataony ho efa tonga ao ampovoan'ny toby ny fahavalo, ka izy samy izy ihany no nifampitifitra. Ka nony maraina ny andro, dia hita fa tsy nisy fahavalo maty tao, fa izy iray toko ihany no nifamely. Ka dia niakatra tsimoramora ny fahavalo, ary resy mora foana izany tafika efa voalamina tsara izany. Ary tahaka izany koa amin'ny Fiangonana : Toby lehibe miady amin'ny devoly fahavalo isika Kristiana ; tafondro vaventy ny Baiboly, mitrailleuses ny Filazantsara ; basy karabina ny Fihirana ; sentinelles ny diakona ; lehiben'ny tafika ny Misionera sy ny Evanjelista ; ilaikely nitondra langoraony ireo tia adilahy sy mpifanditra. Ka nony velona ao am-piangonana ny feo hafahafa sy ny langoraony velona alina ; dia izy iray trano ihany no mifampitomboka sy mifandramatra. Ka amin'izany dia babon'ny devoly moramora foana ka manjary misaraka roa aman-telo ny Fiangonana.

Ny valala raha voasambotra ka zairina ao anatin'ny sony, na ny sobika, ka raha miray hina izy rehetra hiaramanaitra ireo harona ireo, dia ho potika vetivety foana ny sobiky. Fa tsy izany no ataony ; fa mifanipaka be ihany izy ao an-karona, ka dia tsy misy afaka, ka ataon'ny olona indray mandrotsaka ao amin'ny vilany fitanehana. Ary tahaka izany koa amin'ny Fiangonana., Isika rehetra izao dia tadiavin'ny devoly hatao indray manjaitra amin'ny sobikin'ny fahotana sy ny soniankeloka, ka raha miray hina isika rehetra hanaikitra ny kofehy hamatorany antsika, dia ho afaka moramora isika. Fa tsy izany no ataontsika, fa "mifanipaka hoatra ny valala an-karona ;" ka dia ataon'ny devoly horon'ondry ao anatin'ny sompotry ny fahaverezana, ka ataony indray mandrotsaka ao amin'ny vilaniben'ny Gehena mirehitra afo, dia ilay farihy mirehitra afo sy solifara izay fahafatesana faharoa.

"Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, izay na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakàny ny endriky ny mpanompo" (Filip. 2:3-4). Fanentren-tena lehibe izany an'ny Tompo izany, ka aoka koa isika mba hanana fanentren-tena tahaka Azy. "Samy hanao ny namany

mihoatra noho ny tenany" (Filip. 2:3-4). Raha izany no atao, dia tsy hisy intsony adilahy. Fa raha izaho manaiky anao ho mahay sy hendry sy ho tsara noho izaho, dia tsy hanohitra anao aho ; ary raha hianao kosa mihevitra ahy ho toy izany, dia tsy hanohitra ahy hianao.

Koa fanetren-tena ary no fanafodin'ny adi-lahy fanao tsy ara-panahy tafiditra ao amin'ny Fiangonana. "Koa manetre tena eo ambanin'ny tana-maherin'Andriamanitra mba hanandratany anareo amin'ny fotoanandro" (1 Pet. 5:6). Ary koa raha irintsika ny tsy hisian'ny adi-lahy ao amin'ny Fiangonana, dia aoka isika hanana fandeferana sy fiaikena ny rariny, fa tsy hitompo amin'ny hevitsika, ka na dia efa tsy lanin'ny be sy ny maro aza, dia mbola hanao ditra ihany, ka hiteny henjana hoe : "Tsy hanaiky aho, raha tsy izao ahy izao no to sy tanteraka."

Any an-dafy, hono, raha misy raharaha lehibe heverina, dia indraindray misy adi-hevitra mangotrakotraka ery amin'ny mpandaha-teny. Nefa nony efa avadibadika ny hevitra, ka hita ny rariny, ary atao ny tsangan-tanana, dia mamitsaka ny vitsy ka manaiky ny lanin'ny be sy ny maro. Fa amin'ny fiangonantsika eto Imerina, na dia efa hita aza ny rariny, ka atao ny tsangan-tanana, ny maditra sy ny be tohika dia mbola mihoby hoe : "Aleo maty reni-omby, toy izay resy tohika," ka tsy mety mianina izy. Koa aoka mba ho latsaka ao am-pontsika ilay anatra mamy hoatra ny nataon' Paoly Apostoly hoe : "Mifandefera ka mifamela heloka hianareo, raha misy manana alahelo amin'ny sasany ; tahaka ny namelan'ny Tompo no mba hamelanareo heloka koa" (Kol. 3:14). Raha raisintsika izany anatra mahasoa izany, dia tsy hisy akory ny adi-lahy ao am-piangonana."

MADAGASCAR
Entourée d'océan
Aux reflets de cristal,
D'un seul regard
Et elle te séduit,
Telle une ravissante
Jeune fille parée
Au parapluie de ravinale
Et de raphia !
Avec une cape de velours,
Forêt épaisse qui
Lui sied à merveille.
O ! l'île entière qui
Renferme des trésors.
Le lait et le miel y coulent ;
Telle est la grande île.
Là demeure mon cœur,
Là, le sol qui renferme
Les cendres des bien-aimés

Jean Narivony

MADAGASIKARA
Tany voahodidina onja
Mitomara-batosoa
Vao topaza-maso monja
Dia mamabo fo tokoa.
Zazavavy iray mihaingo,
Meva maha-te-ho tia
Ka ny elony dia laingon-
Dravinala sy rofia !
Ny akanjony dia indro
Fa vilaory tsara voatra
Ala maitso mikirindro
No manendrika azy loatra.
O ! ny Nosy manontolo,
Feno zava-tsoa miely
Samy tondraka daholo
Ny ronono sy tantely.
Io ilay Nosy makadiry
Eo ny foko no tsy miala
Io no tany mitahiry
Vovok'olona malala.

COMMISSION BIBLIOTHEQUE DELA MKMB :

UNE BIBLIOTHEQUE QUI MEURT, C'EST UNE MEMOIRE QUI DISPARAIT

Par Edith et Ronald

Amadou Hampaté Bâ disait : « En Afrique, un vieillard qui meurt, c'est une bibliothèque qui brûle ». Il voulait souligner ainsi l'importance de l'oralité, cette communication impalpable fondée sur la transmission de bouche à oreille, ce passage de mémoire des anciens aux plus jeunes. Cette transmission d'une culture, d'une tradition, d'une croyance, des us et coutumes d'une société.

Une bibliothèque rassemble aussi ces retranscriptions de l'oralité.

Elle y ajoute le travail d'auteurs, d'écrivains, de penseurs, de philosophes, d'essayistes.

Un livre est un objet que l'on tient en mains dans une sorte de rapport charnel. Il nous permet de nous immerger dans la pensée d'une personne. Il nous entraîne dans des fictions. Il nous ouvre des pistes de réflexion. Il nous fait rire, il nous fait pleurer.

Nous avons un rapport particulier avec le livre. C'est aussi le lecteur qui choisit le rythme de sa lecture, le moment où il s'y consacre. Il peut revenir en arrière dans le temps de sa lecture en feuilletant les pages, en reprenant un passage s'il souhaite mieux le comprendre. Le temps n'est pas linéaire.

Le livre est un objet extraordinaire.

Et parfois, un livre nous tombe des mains ! On n'accroche pas, on le trouve difficile, on n'est pas en accord avec l'auteur. Mais au moins, on aura eu cette confrontation.

Et cela n'est jamais du temps perdu.

La bibliothèque du MKMB souhaite proposer à ses membres ces découvertes.

Pratiquement, elle sera accessible une heure avant et après le culte du dernier dimanche du mois au Botanique. Sa carte de membre est gratuite. Le prix de l'emprunt est fixé à 50 centimes d'euro pour un livre avec un maximum d'emprunt de deux livres. Il faut assurer un roulement important. La durée de la location est fixée à un mois. Il sera demandé une caution de deux euros par livre. Caution qui sera rendue lors de la remise du livre à temps. Si le livre n'est pas rendu en temps voulu, la caution sera perdue.

De nouvelles acquisitions ont été faites. La liste complète des ouvrages mis à votre disposition sera mise bientôt sur le site du MKMB. Cette liste pourra aussi être consultée dès le 25 novembre, jour d'ouverture de la bibliothèque au Botanique.

Qu'on se le dise.

Et faisons vivre la bibliothèque !

VAOVAON'NY NOSY: FIARAHAMIASA AMIN'NY RADIO FAHAZAVANA FJKM.

(René RAVOAVISON, mpanao gazety, Radio Fahazavana)

- Ny hafatry ny Mpiandraikitra Foibe nivory tao Antsirabe(FaritraVakinankaratra) ny 17-24oktobra 2007 teo, dia niavaka tamin'ny alalan'ny fametrahana ireo tompandraikitra ny Sampana Foibe voafidy tamin'ireo Zaikabe sy Komity Lehibe nandritra iny volana Aogositra iny; izay hiasa mandritra ny efitra taona (2007-2011). Notsipihin'ny Hafatra fa " mahavelom-panantenana ny nandre ny akon'ireo ezaka fitoriana Filazantsara amin'ny Hetsika JKM manerana ny Synodam-paritany (SP) izay notanterahina miaraka. Koa mankasitraka ireo SP tsirairay nanao ezaka tamin'izany (...) ary ampirisihana hatrany isika mbola hanezaka bebe kokoa. Koa ny Herinandro Masina amin'ny taona 2008 dia haompana amin'ny antso ho an'ny fibebahana. Hisy ny fandaharana iombonana haparitaka amintsika(...) momba izany." Mitohy ny asa fananganana ny Oniversite FJKM (Pasteur) Ravelojaona, hoy ny voalazan'ny hafatra. Nanamafy ity Mpiandraikitra Foibe fahafito nivory tao Antsirabe(170 km atsimon'Antananarivo) ity, fa any Mahajanga(600 km andrefan'Antananarivo) no hanatontosana ny SYNODA LEHIBE manaraka ny 13-20 Aogositra 2008. Tsihivina, fa ity no fivoriana voalohany ny MF/FJKM natao ivelan'Antananarivo renivohitra.

- Tena fahombiazana ilay Hetsika Jesoa Kristy hoan'i Madagasikara natao tao amin'ny kianjaben'i Mahamasina ny alahady 30 septambra 2007 teo, hoy ny mpanara-baovao ny fiangonana samihafa. Ny filoham-pirenena Marc Ravalomanana sy ny fitondrana manontolo no nanatrika ny fotoana. Kristiana FJKM miisa efitra alina no niombombavaka tao. Ezaka vaovao ho fitoriana ny Filazantsara eto amin'ny Firenena ny JKM, ka mandritra ny telo taona no haharetany(2006-2008). Ho feno 40 taona amin'ny taona 2008 ny nijoron'ny FJKM tany Toamasina ny 18 aogositra 1968. Ny FJKM mitaona ny vahoaka malagasy hibe-baka sy hihavana amin'nyolona sy ny manodidina azy ary amin'Andriamanitra no isan'ny hevitra fototra mandritra izao JKM izao. Hiparitaka manerana ny Synodam-paritany FJKM 36 ny hetsika. Ny 01 novambra tao Moramanga. Ny 15 novambra, Ambatondrazaka.

- Mitohy ny fanamarihana ny fahatsiarovana ny faha-170 taona nandefonana an-dRasalama maritiora mandritra ity taona 2007 ity. Ny Vovonan'ny Tanora Tsimihatsaka ao amin'ny FJKM Ambonin'Ampamarinana Synodam-paritany Antananarivo Andrefana no nitondra ny anjara birikiny, ka nanome fampisehoana miavaka manodidina ny tantarampiainan-dRasalama sy ny fiainana maha-kristiana tamin'ny taonjato faha-19 nisian'ny fanenjehana kristiana tamin'ny andro nanjakan'i Ranavalona voalohany (1828-1861). Fampisehoana karazany antsoina hoe: "comédie musicale" no natolotra tao amin'ny Auditorium Ankorondrano Antananarivo ny asabotsy 27 oktobra lasa teo."

HISTOIRE DE LA REFORME : THEODORE DE BEZE (1519-1605)

C'est à Vézelay, dans une famille noble et riche, que Théodore de Bèze naît le 24 Juin 1519. Il est à Bourges (1528-1535) l'élève de Melchior Wolmar, un des humanistes les plus célèbres de l'époque. Puis il étudie le droit à Orléans. Melchior Wolmar a révélé au jeune homme les idées de la Réforme. Bèze manifeste d'abord une sympathie active pour les idées nouvelles. Mais sa vie est totalement transformée par l'appel de Dieu. Il raconte lui-même comment des tourments infinis du corps et de l'âme l'amènent à réfléchir sur sa condition et à consacrer sa vie au service de Dieu. Partant en exil volontaire, Bèze arrive à Genève le 24 Octobre 1548 et entre aussitôt en relation avec Calvin. Mais c'est d'abord à Lausanne, avec Pierre Viret, qu'il travaille pendant 10 ans. Il enseigne le grec, explique le Nouveau Testament, participe activement à la vie de la cité.

En Septembre 1558, Bèze quitte Lausanne et s'installe à Genève. Il aide à l'organisation de l'Académie de Genève dont il devient recteur en 1559. A partir de 1560, Bèze entre en conflit avec les luthériens au sujet de la cène et de la christologie. Proche collaborateur de Calvin, celui-ci lui confiera souvent d'importantes missions et Bèze dirige la délégation réformée au Colloque de Poissy en 1561. A la mort de Calvin (1564), Théodore de Bèze devient Modérateur de la Compagnie des Pasteurs, il dirige officiellement l'Église de Genève jusqu'en 1580. De 1580 à sa mort, il en demeure l'inspirateur et le guide.

L'oeuvre littéraire de de Bèze est importante. Poète, exégète, théologien, prédicateur, historien, il a beaucoup écrit. On lui doit Abraham sacrifiant (1550), une tragédie en français, une Confession de foi, une traduction latine annotée du Nouveau Testament et surtout une traduction des Psaumes qui fera référence.

Théodore de Bèze a été pendant les querres de religion le chef spirituel des Huquenots.

LA TOLERANCE.

Marc Pernot (ERF Nancy-France)

L'intolérance est un problème qui n'atteint pas seulement la qualité de nos relations mais il est aussi un problème pour son auteur. Être intolérant c'est faire de son propre point de vue un absolu, cela n'aide pas à évoluer. Pour nous aider à reconnaître les traces de ce dangereux travers dans notre propre vie, nous pouvons nous aider des multiples passages de la Bible qui nous parlent de l'idolâtrie, car c'en est une d'être intolérant.

Mais ce n'est pas parce que l'intolérance est un vrai problème qu'il faut, pour autant, faire de la tolérance une vertu fondamentale. Je suis désolé d'avoir à le dire car la tolérance est devenue une valeur extrêmement à la mode, mais bien souvent ce qui est prêché par les bons apôtres de la tolérance n'est pas loin de l'indifférence.

Finalement, ce qui importe alors c'est qu'il n'y ait pas de menace à l'ordre public, pour le reste, les autres peuvent bien penser et faire ce qu'ils veulent, cela ne nous regarderait pas.

Cette attitude est meilleure que l'intolérance mais elle est quand même bien médiocre. C'est ce dont on peut se rendre compte facilement en évaluant les conséquences de cette attitude sur le plan de notre propre développement et sur celui de notre relation avec les autres.

1) Celui qui est tolérant accepte qu'existent des points de vue différents du sien, c'est déjà un certain progrès par rapport à la rigidité de l'intolérance. Mais cette tolérance ne s'intéresse pas vraiment au point de vue de l'autre. Dans ce que pense l'autre et dans ce qu'il fait, il y a pourtant en général de bien belles choses. Ce serait très enrichissant de prendre la peine de les découvrir et de les admirer. Il y a bien sûr aussi des choses moins belles et d'autres franchement laides que l'on ne peut pas, que l'on ne devrait pas tolérer. Cela aussi nous aiderait à évoluer nous-mêmes, car dans ces mauvaises choses, il y a des avertissements utiles à recevoir. L'autre me ressemble comme un frère, et ses travers me parlent des miens, peut-être à un degré différent, peut-être seulement comme un risque, mais c'est de toutes façons utile de me sentir concerné.

2) Même en ne pensant qu'à soi, on a donc intérêt à dépasser la simple tolérance. C'est encore plus vrai si l'on espère développer aussi de belles relations avec les autres.

Encore une fois, la tolérance vaut mieux que l'intolérance. Mais cela n'empêche pas que l'une et l'autre ne favorisent pas de véritables relations. Ce n'est pas étonnant que la tolérance soit à la mode, car elle va très bien avec l'individualisme et l'indifférence qui semblent également se développer, elle s'accommode très bien des communautarismes et autres intégrismes théologiques, religieux, politiques.

Il a été donné de Jésus une image qui correspond peu à la réalité. Sa façon d'être n'était certainement pas intolérante, mais elle était à mille lieues au-delà de la simple tolérance, dans une relation avec les autres plus vraie, plus franche, plus engagée. Jésus n'était pas "tolérant". Il aimait les gens. Aimer c'est infiniment plus que tolérer. C'est aller vers l'autre, chercher à comprendre son point de vue, et essayer de l'aider à avancer. L'aimer c'est donc lui dire sincèrement que l'on a de l'admiration pour ce qu'il y a de bien en lui, et c'est oser lui dire ce qui ne va pas. L'indignation, c'est ce que nous propose Jésus quand il nous conseille de parler à notre frère quand on pense qu'il a mal agi. C'est ce que fait Jésus quand il critique fermement la prédication des prêtres et des scribes et qu'il chasse les marchands du temple... Admire, c'est ce que Jésus fait quand il félicite publiquement un officier romain pour sa foi plutôt que de critiquer sa violence ou le fait qu'il soit païen. Son admiration, c'est ce que Jésus offre au brigand sur la croix, à ce Nathanaël qui n'aimait pas les gens de Nazareth, et à bien d'autres.

Aimer c'est ainsi admirer et s'indigner. Ce n'est pas cette indifférence déguisée en vertu qu'est la simple tolérance.